


Dinidinika ifanabeazana momba :

# NY ZON'NYOLOMBELONA



O.N.G. Lalana irery ihany no tompon'andraikitra amin'izay voasoratra ato.

*''Ce document a été réaisé avec l'aide financière de l'Union Européenne.
Le contennu de ce document relève de la seule responsabilité de l'O.N.G. Lalana
et ne peut en aucun cas être considéré comme reflétant la position de
l'Union Européenne.''*


Dinidinika ifanabeazana momba ny **ZON'NY OLOMBELONA**

Anisan'ny lohahevitra nosafidin'ny ONG Lalana hanabeazana ny olompirenena ny Zon'ny olombelona. Ilaina ny mandalina sy miaina ny zo mba hahatonga ny olompirenena tsirairay ho olompirenena mendrika ao amin'ny fiarahamonina misy azy.

Indreto lohateny vitsivitsy hotrandrahina manokana amin'izao fandalinana ny Zon'ny olombelona izao:

- ny famaritana ny zo,
- ny fototra sy loharano iavian'ny zo,
- ny fanasokajiana ny zo,
- ny zo fototra maha olona,
- ny fiainana sy fampiharana ny zo, ary
- ny fomba entina mamaha olana momba ny zo maha olona.

Novokarina ity tahirin-kevitra ity mba hanampy ireo olompirenena sahy mandray andraikitra mizara ny fanabeazana azony amin'ny olompirenena miara-monina aminy ao amin'ny tanàna, ny fokontany ary ny kaominina !



Dinidinika 1

# Famaritana ny atao hoe zo sy zon'ny olombelona

Indreto misy famaritana ny zo atolotra ny olompirenena, hanampy azy ireo amin'ny fandalinana ataony.

## 1.1 Ny Zo

- Ny zo dia fahafahana ananan'ny olona iray eo amin'ny sehatra iray (fiarahamonina, firenena …), manatanteraka na tsia asa iray.
- Ny zo dia tombontsoa azon'ny olompirenena avy amin'ny fiarahamonina na firenena na fanjakana.
- Tombontsoa manokana vokatry ny sokajy na ny toerana misy ny tena. (avy amin'ny : Akademia Malagasy – Foibe momba ny teny - Ofisim-pirenena misahana ny teny)
- Fahafahana vokatry ny sata sy/na fahefana ananana ka ny lalàna no mamaritra an'izany (avy amin'ny : Ofisim-pirenena misahana ny teny)

## 1.2 Ny Zon'ny olombelona

- Ny zon'ny olombelona dia tombontsoa amam-pahefana voafetran'ny lalàna omena na ananan'ny isam-batan'olona (Akademia Malagasy – Foibe momba ny teny - Ofisim-pirenena misahana ny teny);
- Fahafahana sy tombontsoa manome hasina manokana ny olona miohatra amin'ny voahary hafa;



Dinidinika 2

# Ireo fototra sy loharano iavian'ny zo

Antoka hanampy betsaka ny olompirenena hiaina sy hampihatra ny zo ananany ny fahalalany ireo fototra sy loharano iavian'ny zony. Azo sokajina 2 miavaka tsara ireo fototra sy loharano ireo, dia ny tahirin-kevitra voasoratra sy ny tahiry tsy voasoratra.

## 2.1 Ireo tahirin-kevitra voasoratra

Ny fototra araka ny lalàna toy ny Lalàmpanorenana, ny Lalàna, ny Didy hitsivolana, ny didim-panjakana, …


- Ny fanambaràna iraisam-pirenena isan-karazany, anisany ny Fanambaràna Iraisam-pirenena momba ny Zon'ny Olombelona na FIZO,
- Ny dina, ny fifanarahana, ny fifanekena iraisam-pirenena samihafa toy ny Dina Afrikanina momba ny Zon'ny olombelona sy ny Vahoaka, ny Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy…
- Ny fifanarahana ao amin'ny fiarahamonina (dina…),

## 2.2 Ireo tahiry tsy voasoratra

- Ny kolontsaina nentim-paharazana sy vaovao
- Ny fifanarahana am-bava.



# IREO ZO IZAY MITAKY ADIDY
# EO AMIN'NY FIAINANA ANDAVAN'ANDRO




*"Zo sy Adidy tsy afa-misaraka,*
*Olompirenena miaina ny zo ary manefa ny adidiny ;*
*mirotsaka ho amin'ny fampandrosoana"*

Dinidinika 3

# Fanasokajiana ny zo

## 3.1 Fanasokajiana ireo zo maha olona

Be dia be ny zo raha hotanisaina isanisany. Ankehitriny dia azo sokajina efatra izany zo izany:

**a- Zo sokajy voalohany - Ny zo sivily sy politika, zo tsy azo tohinina:**

- Zo ho velona,
- Zo hanana fahamendrehana sy tsy hampijalina,
- Zo hanana fahafahana sy hiaina am-pilaminana,
- Zo mitovy eo anatrehan'ny lalàna,
- Zo haneho hevitra malalaka,
- Zo hanana ny feon'ny fieritretany sy hivavaka,
- Zo hivory sy hananganana fikambanana,
- Zo hifidy sy hilatsaka hofidina,
- Zo hananana fananana manokana,
- Zo hananana zom-pirenena



**b- Zo sokajy faharoa - zo ara-toe-karena, ara-tsôsialy sy ara-kolontsaina, zo iantohan'ny Fanjakana.**

- *Zo hiasa,*
- *Zo hisafidy ny asa tiany sy hiofana,*
- *Zo hiasa ao anatin'ny fahamarinana,*
- *Zo hiditra ao anaty sendika sy hitokona,*
- *Zo hisakafo sy hitafy ary hanana trano,*
- *Zo hanana fari-piainana ampy,*
- *Zo ho salama ara-tsaina sy ara-batana,*
- *Zo hahazo fanabeazana,*
- *Zo hanana kolontsaina,*
- *Zo hiala sasatra sy hiala voly,*
- *Zo hanana kolontsaina*

**d- Zo sokajy fahatelo: Zon'ny vahoaka na zon'ny firaisankina**

- Zon'ny firenena hitantana ny raharahany samirery sy ny harena voajanahary ao aminy;
- Zo hiaina anaty fandriampahalemana,
- zon'ny vitsy an'isa, zo handroso,
- zo hanana tontolo iainana mahasalama,

- zo hanana fitondrana demôkratika

**e- Zo sokajy fahefatra: zon'ny sokajin'olona marefo:**

Zon'ny ankizy, zon'ny vehivavy, zon'ny olona manana fahasembanana, zon'ny zokiolona.

Voalaza matetika ny **zo sivily na zon'ny olompirenena** izay azo faritana tahaka izao: fahafaha-mampihatra fahefana iorenan'ny fahafahan'ny tsirairay ao amin'ny firenena iray. (avy amin'ny : Akademia Malagasy - Ofisim-pirenena misahana ny teny)

## 3.2 Fomba fanasokajiana hafa

Araka ny fijerin'ny mpandinika sasany koa, dia azo zaraina ho sokajy 3 lehibe ny zo rehetra :

ny zo-fahafahana,
ny zo mitaky adidy, ary
ny zo ho an'ireo taranaka ho avy ;

**a – Ny zo-fahafahana**

Ny zo voajanahary, ireo fahalalahana samihafa ary ny zo fototra maha olona no mivondrona ao amin'ny zo-fahafahana.

**b – Ny zo mitaky adidy**

Mitaky fandraisana andraikitra avy amin'ny fitondram-panjakana ny ahafahan'ny olompirenena misitraka ireo zo ireo. Mila manefa adidy koa anefa ny olompirenena tompon-jo satria tsy ho lavorary ireo zo ireo raha miandry tolorana fotsiny izy.

Ohatra roa no azo atolotra : ny fampianarana sy ny fiahiana ara-tsosialy.



Zon'ny zaza ny mianatra. Ho to izay zo izay raha manorina sekoly sy manendry mpampianatra hiasa ao ny fitondram-panjakana. Fa na misy sekoly miorina aza ao an-tanàna, nefa tsy mandeha na tsy alefan'ny ray aman-dreniny mianatra ny ankizy dia tahaka ny very zo ihany izy.

Misy fandaminana tsy maintsy apetraky ny fanjakana (lalàna, fandraisana anjara) mba handavorariana ny fiahiana ara-tsôsialy. Mila mandray anjara amin'izany lamina izany ihany koa ny olompirenena mba hahafahany misitraka io fiahiana io.

**d – Ny zo ho an'ireo taranaka ho avy**

Zo roa lehibe no tsara asongadina eto, dia ny zon'ireo taranaka ho avy hiaina anaty tontolo mirindra sy voakajy ary ny zo ho amin'ny fifampitsimbinana sy ny fitoviana.

Mitaky ezaka goavana avy amin'ny olompirenena tsirairay àry ny fikajiana ny tontolo iainana izay hita mibaribary ny fahasimbany ankehitriny sy ny fampihenana ny elanelana manasaraka ny manan-karena, izay mihamanana hatrany amin'ireo mahantra izay mihamahantra lalandava.

Dinidinika 4

# Fandalinana ireo zo fototra maha olona

Manandratra ny olompirenena amin'ny maha olona azy ireo zo fototra maha olona.

## 4.1 Famaritana ireo zo fototra maha

- ☞ Ny zo fototra maha olona dia ny fitambaran'ireo fahafaha-mampihatra fahefana, voajanahary na tsia, tandrifin'ny olombelona, iorenan'ny hasina maha olona. (avy amin'ny : Akademia Malagasy - Ofisim-pirenena misahana ny teny)

- ☞ Zo voajanahary tsy afa-misaraka amin'ny maha olona, dia ny zon'ny olombelona sy ny fahalalahana fototra toy ny zo sivily, zo pôlitika, zo sôsialy ary zo ara-toekarena,

- ☞ Fahalalahana fototra ananan'ny olona tsirairay, iombonany amin'ny rehetra, itoviany amin'ny rehetra.

## 4.2 Fandalinana sy fifampizaràna momba ireo zo fototra maha olona

Indreto àry misy santionany amin'ireo zo fototra maha olona :

- Hanana ny hasina maha olona feno,
- harovana amin'ny herisetra eo amin'ny tenany, ny fonenany ary ny tsiambaratelon'ny fifandraisany,
- harovana ny fiainana manokana,
- hanana fahalalahana eo amin'ny asa,
- hanana fahalalahana amin'ny fivavahana sy ny finoana,
- mitovy eo anatrehan'ny lalàna sy ny fitsarana,
- hanana fananana ;



# FOMBA ENTINA MAMAHA OLANA EO AMIN'NY FIARAHA-MONINA

## *FOMBA HANARENANA NY ZO TSY VOAHAJA*

### RAHARAHAM-PIHAVANANA

*Antony* :
- Zo tsy voahaja
- Adidy tsy efa
- Fatiantoka azo leferina

*Vokatra azo* : FIFANATONANA, FANARENANA FATIANTOKA, FIFAMPITSIMBINANA

### FANATONANA MPITANDRO NY FILAMINANA na FITSARANA

*Antony* :
- ADY MADIO : fisaraham-panambadiana, trosa tsy voaloa, ady tany, adin-jaza, ...
- ADY HELOKA : fandratrana sy vono olona, fanolanana, ady tany arahana fikasihan-tànana, ...

Vokatra azo : FANARENANA FATIANTOKA sy FANONERANA



*"Olompirenena mahay manavaka tsara ny olana araka ny tranga misy Fifandamianana sy fanarenana, antoky ny fiaraha-monina mirindra"*

Dinidinika 5

# Fiainana sy fampiharana ny zo

Manampy betsaka ny olompirenena hiaina sy hampihatra ny zo ny fahalalany ny zony, ny fantatra niavian'ireo zony ireo ary ny karazan-jo ananany.

## 5.1 Fomba entina miaina sy mampihatra ny zo

Manan-jo amin'ny maha olona sy ny maha olompirenena azy ny olona tsirairay. Koa adidiny ny miaina sy mampihatra izany zony izany ary mampiasa ny fahafahana sy ny fahefana ananany. Mbola azony atao ihany koa ny mitaky izany amin'ny sehatra sy rafitra isan-tsokajiny, raha misy zony tsy voahaja.

## 5.2 Fepetra takina amin'ny fiainana sy fampiharana ny zo

Misy fefy sy fetra mamaritra ny fahafahan'ny olompirenena tsirairay miaina sy mampihatra ny zony.

***a- Fefy mamaritra ny fiainana ny zo:***

Afaka miaina sy mampihatra tsara ny zony ny olompirenena tsirairay, saingy voafaritry ny fefy tsy azo ihoarana izany. **Mitaky fandanjalanjana sy fifanajana noho izany ny fampiharana ny zo**, satria ny olompirenena iraisa-monina sy ifaneraserana dia mba manana ny zony sy ny fahalalahany ihany koa. Very zo ireo izay mihoa-pefy.

Koa mba hialana amin'izany fanasaziana izany dia eo ny ezaka amin'ny fisorohana sy ny filazana mialoha. Tsara ihany koa ny hahalalan'ny olompirenena ny lalàna manan-kery sy ny sazy miandry azy raha mihoa-pefy izy.

- **Fomba fisorohana ny fanasaziana :**
  - Fangatahana fanomezan-dalana samihafa : fivarotana zava-pisotro misy alikaola, fandefasana video, sns,
  - Fankatoavana sy fanarahana ny fandrarana ataon'ny tompon'andraikitra izay mety ho vetivety ihany, arakaraka ny

tranga : ohatra ny fanaovana fihetsiketsehana izay mety hanohintohina ny filaminam-bahoaka,

- Famantarana sy fanarahana ireo lalàna velona sy manan-kery
- Fanambaràna mialoha :
  - Fanambaràna momba ny fitsanganan'ny fikambanana iray,
  - Fanambaràna momba ny hanaovana hetsika iarahana amin'ny vahoaka,

- **Fomba fanasaziana avy amin'ny Lalàna :**
  - Raha tafahoatra ny tokony ho izy ny fomba iainan'ny olompirenena ny zony dia voasazy izy,
  - Ny lalàna no mamaritra ilay sazy mihatra amin'ilay nanao fihetsika tafahoatra,



***b- Fetra eo amin'ny fiainana ny zo:***

Ny Lalàna na rijan-teny avoakan'ny tompon'andraikitra mahefa no mamaritra ireo fetra azon'ny olompirenena iainana ny zony, noho ny antony sy ny tranga misy eo amin'ny firenena. Mety haharitra ny tsy fahafahana miaina ny zo, mety ho vetivety koa.

Ohatra: Fampiharana ny fepetra amin'ny tany mihotakotaka na Lalàna miaramila, Fahaverezan-jo, noho ny heloka be vava vitan'ny olompirenena iray; fe-potoana tsy ahafahana manjono; ora tsy ahafahan'ny fiara be mpitatitra mifamoivoy an-tanàn-dehibe.

## 5.3 Antoka ahafahana miaina sy mampihatra ny zo

Mandrisika ny olompirenena hiaina sy hampihatra bebe kokoa ny zony ny fahalalany momba ny fisian'ireo antoka ireo.

***a- Antoka avy amin'ny Fitsarana:***

- Fitovian-jo ho an'ny olompirenena rehetra eo anatrehan'ny lalàna sy ny fitsarana.

***b- Antoka ivelan'ny Fitsarana:***

- **Ny Mpanelanelana,**

Anton'asa manokana ny maha-mpanelanelana. Anjaran'izy ireo ny manarina ireo zo voahitsaka sy tsy voahaja. Misolo tena ny olompirenena izy ary mifampiraharaha sy mamaha olana miaraka amin'ireo sehatra sy rafitra voakasik'izany.

Misy koa ny antoka eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena toy ny fisian'ny sampan-draharaha na Vaomiera manokana eo anivon'ny Firenena Mikambana. Miasa ary afaka manara-maso eny anivon'ny firenena rehetra momba ny fanajana ny zon'ny olombelona sy ny zon'ny olompirenena ireo sampan-draharaha na Vaomiera manokana ireo.

## Dinidinika 6 — Fomba entina mamaha olana momba ny zo maha olona

Olompirenena samihafa no miara-monina ao amin'ny fokontany sy ny kaominina. Mety hisy fifandonana sy olana eo amin'ny fifandraisana sy ny fifaneraseran'izy ireo indraindray. Anisan'izany ny tsy fanajana ny zon'ny hafa izay manapotika ny zo maha olona sy ny zo maha-olompirenena.

Fomba 3 amin'ny ankapobeny no ahafahana mamaha ny olana momba ny zo : ny raharaham-pihavanana, ny fifanatonana sy ny fifandaminana eo amin'ny tompon'andraikitra sy ny olompirenena, ary ny fanatonana ny mpitandro filaminana sy ny fampiakarana ny raharaha eny amin'ny fitsarana ;

### 6.1 Famahana olana 1: Fanaovana raharaham-pihavanana

Misy zon'ny olompirenena tsy voahajan'ny olompirenena na ny tompon'andraiki-panjakana na ny Fanjakana. Misy ihany koa ny adidy tsy efan'ireo sokajy mifandray amin'ilay olompirenena ka mahatonga ny zo ho voahitsaka na tsy ho voahaja. Ilana fanarenana ireo tranga ireo. Koa raha mbola azo leferina ny fatiantoka sy ny fahavoazana aterak'izany dia tsara ny miroso amin'ny raharaham-pihavanana.



Ohatra: adin'ankizy ka tsy misy faharatrana, trosa tsy voaloa noho ny antony mazava: olana amin'ny ady madio ireo

### 6.2 Famahana olana 2: Fifandaminana eo amin'ny tompon'andraikitra sy ny olompirenena

Misy tranga ifampizarantsika ireto:

(1) Talen-tsekoly maniraka mpianatra hantsaka rano mandritra ny fakan-drivotra,

(2) Olompirenena hifidy nefa tsy hita ao amin'ny lisi-pifidianana ny anarany,

(3) Misy marary tsy voakarakara tsara ao amin'ny hôpitaly fa miandry tolo-bola ny mpitsabo,

Misy zo tsy voahaja amin'ireo tranga ireo. Ilaina ny fanarenana izany amin'ny alalan'ny fifanatonana sy ny fifandaminana eo amin'ny tompon'andraikitra sy ny olompirenena. Miezaka ny olompirenena sy ny tompon'andraikitra mba handray fepetra ho fanarenana sy ho fanajana ireo zo voahitsaka ireo.

## 6.3 Famahana olana 3: Fanatonana ny mpitandro filaminana (polisy na zandary) sy ny fitsarana

Misy tranga anankiroa tsara asongadina eto, dia ny olana entina eny amin'ny ady madio sy eny amin'ny ady heloka.

a. **Fitsarana ny ady madio**: mandeha eny amin'ny fitsarana avy hatrany ny mpitory, raha tsy voavaha amin'ny raharaham-pihavanana ny olana,

☞ **Ireo karazana olana entina eny amin'ny fitsarana ady madio:**

- fisaraham-panambadiana,
- trosa tsy voaloa,
- ady tany,
- adin-jaza, …

Mikendry ny hangataka onitra eto ireo niharam-pahavoazana ka manana fe-potoana 3 taona izy ireo no ahazoany mitory.

b. **Fitsarana ny ady heloka**_: mandalo eny amin'ny mpitandro filaminana aloha ny mpitory vao mandeha eny amin'ny fitsarana,

☞ **Ireo karazana olana entina eny amin'ny fitsarana ady heloka:**

- fandratrana olona sy vono olona,
- halatra sy famakian-trano,
- fanaovana an-keriny sy fanolanana,

- ady tany arahina fikasihan-tanana,
- fanompana sy fanimbazimbana fomba na fiaviana (Mety honerana omby iray araka ny fomban-tany sasany),

Mikendry ny fanasaziana ilay nanapotika ny zon'ny hafa eto ireo mpitory.

Afaka mitondra ny olana eo amin'ny ady madio koa ny mpitory mba haka onitra. Raha tapitra kosa anefa ny fetra amin'ny ady heloka dia tsy afaka mampiditra ny raharaha amin'ny ady madio intsony ny niharam-pahavoazana.

Tahaka izao izany fe-potoana izany:

- herintaona ho an'ny heloka tena tsotra (contravention),
- telo taona ho an'ny heloka tsotra (délit),
- folo taona raha heloka be vava (crime).

**Misy sokajiny ny tsy fanajana ny zon'ny olombelona sy ny zon'ny olompirenena. Arakaraka ny fandanjalanjana sy ny safidin'ilay olompirenena rava zo ny vahaolana entina manarina izany: raharaham-pihavanana na fifandaminana na fitoriana.**

# FOMBA ENTI-MIAINA NY ZO

*FIAINANA NY ZO FOTOTRA MAHA-OLONA*




**1**

***MITAKY** ireo zo fototra amin'ny fotoana sy sehatra ilana azy*




**2**

***MANDANJALANJA** izay atao ho fanajana ny zon'ny tena sy ny an'ny hafa, ary ny fampiharana azy*



**3**

***MANAMPY** ny olompirenena hafa hiaina sy hanaja ny zony. Miaina fahafahana sy mampiasa ny fahefana ananana*

**ZO FOTOTRA : Hasina maha-olona**
**: Fitoviana**
**: Fahalalahana**

*"Olompirenena mamantatra ny zony ary mampihatra izany Miaina fahafahana, manana fahefana"*

## Taridalana ho an'ny Solontenan'ny Vondron'Olompirenena

## amin'ny fampitana ny dinidinika ifanabeazana

Manana andraikitra amin'ny fampitana ny dinidinika ifanabeazana amin'ny olompirenena ny Solontenan'ny Vondron'Olompirenena sy ny mpitondra. Indro misy taridalana atolotra ireo mpampita ireo mba handavorariany izany ezaka fampitana izany.

Asongadina amin'ity taridalana ity àry ireo andraikitra miandry ny solotenan'ny olompirenena mialoha, mandritra ary aorian'ny fampitana ny dinidinika.

### Ireo andraikitry ny solontenan'ny olompirenena mialoha ny fampitana ny dinidinika

**Mialoha = Fanomanana**

Ireo fanomanana ataon'ny solontena mialoha ny fampitana:

- Mamaritra ny lohateny,
- Mamaritra ny tanjona, sahanasa sy ny vokatra andrasana amin'ny dinidinika
- Mandrafitra ny votoatin-kevitra, izany hoe ny hafatra hampitaina,
- Mamaritra ny drafitra amin'ny antsipiriany hitondrana ny dinidinika,
- Mifantina ireo fomba hampitana ny dinidinika,
- Mitsinjara ny fotoana sy ny tompon'andraikitra isaka ny lahasa,
- Mijery ireo fitaovana hampiasaina amin'ny fampitana ;

### Ireo andraikitra miandry ny solontena mandritra ny fampitana ny dindidinika

**Mandritra = Fampitana**

Ireo anjara asan'ny solontena mandritra ny fampitana :

- Mampita ny dinidinika voaomana,
- Mampandray anjara ny olompirenena tonga miatrika ny dinidinika,
- Manara-maso ny fandraisan'ny olompirenena anjara,
- Miezaka mifehy ny fotoana ;

**Ireo andraikitra miandry ny solontena aorian'ny fampitana ny dinidinika**

**Aoriana = Tombana**

Ireo anjara asan'ny solontena aorian'ny fampitana:

- Manao tombana ny fampitana ka manadihady ny fandraisan'ny olompirenena anjara, ny fampiasana ireo fomba fampitana, ny fanatanterahana ny sahanasa sy ny lahasa, ny fitantanana ny fotoana ary ny fandraisan'ny olompirenena ny dinidinika,
- Manombana raha tratra ny tanjona napetraka na tsia: mampitaha ny vokatra azo amin'ny vokatra nandrasana
- Mamaritra ireo ezaka sy fomba fiasa hanatsarana ny fampitana manaraka.

**Ireo tetika amam-paika entin'ny solontena mampandray anjara ny olompirenena amin'ny fampitana ny dinidinika**

Anisan'ny miantoka ny fahombiazan'ny fampitana ny dinidinika ihany koa, ankoatra ny fanomanana matotra, ny fahaizan'ny mpampita mifantina sy mandrindra ireo fomba ampitana ny hafatra. Misy fomba fiasa vitsivitsy azo isafidianana. Fa mahomby kokoa ho an'ny olon-dehibe ***ny fampiasana ireo tetika sy fomba entina mampandray anjara ny olompirenena***_satria manampy azy ireo amin'ny fitadidiana ny votoatin'ny dinidinika izany ary mampivelatra ny fahaiza-manaony.

Santionany amin'ireo tetika amam-paika ireo ireto hotanisaina ireto:

- Fanontaniana/Valiny : mametraka fanontaniana ny mpampita dia mamaly ny mpandray anjara,
- Tosa-kevitra na hevitra tera-bary: samy maneho hevitra momba foto-kevitra na tranga iray ny mpandray anjara,
- Asan-tarika: fomba mahomby entina mampandray anjara ny olompirenena: omanina mialoha ny fomba hizarana ny tarika, zaraina tarika roa na maromaro ny mpandray anjara dia miara-miasa ireo olona ao anatin'ny tarika, asiana filoha mpitarika, mpitantsoratra, mpitana fotoana ary mpitondra teny hanao ny tatitra.
- Métaplan : fanehoan-kevitra mampiasa tapaka taratasy matevina mitovy habe sy mitovy endrika ary mitovy na samy hafa loko arakaraka ny tanjona kendrena,
- Fanadihadiana tranga na Dini-tranga:: maka tranga iray dia asaina hadihadin'ny mpandray anjara. Fomba anampiana ny olompirenena hanovo fahaiza-manao sy fahalalana amin'ny fanadihadiana,
- Lalao anjara asa: aseho sahala amin'ny tantara ilay tranga ka misy mpandray anjara milalao azy an-tsehatra. Fomba ampivelarana fahaiza-manao sy fahalalana,
- Sarintsarin-tranga (simulation): Atao tahaka ny hoe tena misy ilay tranga dia samy manatanteraka ny anjara asany sy andraikiny ny mpandray anjara rehetra. Ohatra: tonga ny rivo-doza, inona no tokony hatao?

Misy endriny vitsivitsy ny fomba hampitana ny dinidinika ifanabeazana amin'ny olompirenena. Ireto avy izany:

- Vangivangy arahin-dinika (VAD),
- Fampitana eo anivon'ny fikambanana samihafa,
- Fampitana ho an'ny sokajin'olompirenena (vehivavy, tanora, marefo),
- Fampitana mandritra ny fivoriamben'ny olompirenena (Fokontany, tanàna).
- Fandefasana horonan-tsarimihetsika arahina adihevitra na fifanakalozan-kevitra
- Famelabelarana arahin'adihevitra
- Fiaraha-mihaino fandaharana amin'ny radio arahin'adihevitra
- Fanatanterahana fifaninanana ara-javakanto

Araka ny efa nohamafisina etsy ambony, tena zava-dehibe ny fanomanana ny fampitana. Mandritra ny fanomanana, ilaina ny hifampizaran'ny mpampita ny fahaiza-manao sy ny traikefa ananan'izy ireo mba hanatsarana hatrany ny fomba fiasa sy ny endriky ny fampitana.

Ezaka imasoana lalandava ihany koa, ho an'ny mpampita, ny mikaroka sy mitrandraka tahirin-kevitra ary ny manatona olona heverina fa manam-pahaizana manokana afaka hanampy amin'ny asa fampitana.

